

## **Sabatan'ny Fanabeazana Advantista**

**21 Aogositra 2021**

### **Niverina i Elia: Ny anjara asan'ny fanabeazana kristiana ankehitriny**

*Andinin-tsoratra fototra: Malakia 3: 22-24*

#### **I. Fampidirana**

Raha mankalaza ny Sabatan'ny Fanabeazana Kristiana isika anio dia hifantoka amin'ny hafatr'i Elia ao amin'ny Malakia 3: 22-24 satria mifandray amin'ny fanabeazana kristiana amin'ny maha-fitaovana fikolokoloana ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy amin'ny mpiara-belona azy ary fanasitranana ny fifandraisana tapaka eo amin'ny fiaraha-monina.

#### **II. Tontolo manodidina**

Naniraka an'i Malakia ho any amin'ny tanin'i Joda Andriamanitra hanambara hafatra fiampangana an'ireo babo niverina avy tamin'ny fahababoana babyloniana. Rehefa nahazo aingam-panahy avy tamin'ny faminanian'i Hagay sy Zakaria izy ireo dia nanangana indray ny tempoly. Tamin'ny fanantenana lehibe no niandrandran'izy ireo taom-piadanana sy fiarenana haingana teo amin'ny lafiny ara-toekarena sy ara-tsosialy. Kanefa rehefa nandeha ny fotoana, dia lasa nihamafy sy nihasarotra ny fiainana. Namely ny taniny ny hain-tany lavabe izay niteraka tsy fahavanonam-bokatra, mosary, areti-mandringana, ary fihafiana ara-toekarena tetsy an-daniny; tetsy an-kilany, dia nisy ny fanafihana niverimberina avy tamin'ny fahavalo manodidina, ohatra hoe ny Samaritana. Kivy sy diso fanantenana ny ankamaroan'izy ireo dia nanomboka nino fa tsy marina ny fampanantenan'Andriamanitra (Mal 3.10). Noho izany, ny maro tamin'izy ireo no lasa tsy niraika, nisalasala ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ary nahatsapa fa tsy misy antony ny mankato ny baikon 'Andriamanitra. Rehefa dinihina tokoa, araka ny fiheveran'izy ireo, ny ratsy fanahy dia ambinina ary mandroso hatrany. Koa dia nanapa-kevitra izy ireo ny hiseho ho ara-panahy fotsiny nefa mitady tombontsoa feno fitiavan-tena amin'ny karazany rehetra.

Na dia lavitra ny vanim-potoana misy antsika aza ny fanandramana niainan'ireo babo niverina avy tamin'ny fahababoana, dia mitovy amin'ny antsika amin'ny lafiny maro.

Toy ireo babo ireo, isika koa dia olombelona feno tsy fahalavorariana tahaka ny manodidina antsika. Mora kivy isika rehefa manandrana hatrany, nefa toa tsy mahomby. Mety ho kivy mora foana isika ary milavo lefona rehefa toa tsy tanteraka ny teny fikasan'Andriamanitra ary mitranga ny zava-misy henjana toy ny fahantrana, ny fanaintainana, ny fijaliana ary ny fahafatesana.

Ankehitriny ny sekoly, ny indostria sy ny trano fandraharahana sasany dia nakatona noho ny areti-mifindra COVID-19 any amin'ny Fivondronambe maro ao amin'ny faritry ny Diviziona Afrika Atsimo-Ranomasim-be Indiana. Ny fitsapana ary ny fakam-panahy lehibe toy izany dia maka fanahy antsika hisalasala raha misy Andriamanitra, ary raha misy Izy, moa ve tena miahy. Kanefa, tsy tokony hilavo lefona isika. Tsy mbola tonga any Kanana any an-danitra isika; izay ho toetsika dia mbola amin'ny ho avy ary tsy ho ela dia ho ho afaka amin'ireo olana sy fisedrana REHETRA isika.

Otto Lilienthal, injeniera mekanika alemanina, dia tsy nahomby imbetsaka tamin'ny famolavolana elatra fiaramanidina. Nahavita sidina 2000 izy teo anelanelan'ny 1890 ka hatramin'ny fotoana nampisy fianjerana nahafaty azy tamin'ny Aogositra 1896. Ny tsy fahombiazana tsirairay dia nampanakaiky azy kokoa ny toerana hitodiany – dia ny fomba marina sy mety hamoronana elatra. Ny fikirizany dia nitondra ho amin'ny dingana nahitam-pahombiazana ary nametraka fototra iorenan'ny injeniera hafa.

Toy izany koa, rehefa nanandrana mafy kokoa isika nefa tsy nahomby, rehefa toa mitaredretra ny teny fikasana ary tonga amintsika ny fotoan-tsarotra, dia tadidio fa Andriamanitra dia momba antsika ary homba antsika mandrakariva. Tiany isika mba hanohy hitombo mankany amin'ny fitodiansika tena izy – ny Fanjakany be voninahitra izay hahatanteraka ny teny fikasana rehetra.

### **III. Ny Hafatr'i Malakia**

Niampanga ny olony, izay niverina avy tamin'ny fahababoana, i Malakia taminn'ny anton-javatra enina:

1. Nanala baraka an'Andriamanitra izy ireo tamin'ny fanati-poana nataony sy ny fisehoana ivelany ho mpivavaka (1: 2-5);
2. Nandefitra ny zava-dratsy ny mpisorona ary nandika ny faneken'ny Tompo (2: 10-16)
3. Ny lehilahy Israelita dia tsy nanaja ny fanekena tamin'Andriamanitra tamin'ny nanambadiany mpanompo sampy sy nisarahany amin'ny vadiny ara-dalàna (2: 10-16);
4. Nisalasala ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra izy;
5. Nihazona ny ampahafolon-karena izy ireo (3: 7-12);
6. Nandika ny lalàn'Andriamanitra izy ireo ary natahorana hahita vokany mahatsiravina (3: 13-4: 5b).

Ny hafatra ho antsika dia avy amin'ny fiampangana farany izay niampangan'i Malakia an'ireo niverina avy tamin'ny fahababoana, dia ny tsy fankatoavana ny Lalàn'Andriamanitra. Noho izany i Malakia dia manambara mialoha momba an'i Elia izay ho avy hanomana an'izao tontolo izao alohan'ny hahatongavan'ny Mesia.

Mitarika antsika hametra-panontaniana izany manao hoe iza moa i Elia, ary inona ny iraka ampanaovina azy. Mba hamaliana izany, dia tsy fiverenan'i Elia mpaminany ara-bakiteny araka ny fiheveran'ny Jiosy sasany azy akory izany. Fa kosa mampiseho olona iray izay hitory ny hafatra amin'ny "fanahy sy hery" tahaka ny nataon'i Elia. I Jaona Mpanao Batisa no nahatanteraka io faminiana io talohan'ny nahatongavan'ny Mesia tamin'ny voalohany; ny asa fanompoany ara-paminiana dia nitovy tamin'ny an'ny Elia mpaminany (Lioka. 1: 13-17; jereo I Mpanjaka 17-18). I Jaona Mpanao Batisa dia nanameloka tamim-pahasahiana ny fahotan'ny olony, nanambara ny fihavian'ny Mesia ary nampirisika ny fibebahana sy ny batisa ho tandindon'ny fanadiovana amin'ny fahotan'izy ireo [Ilay Fitiavana Mandresy, p. 92]. Io andalan-teny io koa etsy an-daniny dia manondro ny fiverenan'i Elia alohan'ny hahatongavan'i Jesosy fanindroany mba hamerenana amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. Ireo mpitory ny hafatry ny anjely telo no mifanentana amin'izany eto (*SDA Bible Commentary, Vol. 4, p. 1134*)

#### **IV. Lesona**

Rehefa mandinika ny hafatr'i Malakia, dia misy lesona maromaro, izay miresaka amin'ny Fiangonana Advantista amin'ny ankapobeny ary koa amin'ny Fanabeazana Kristiana manokana, miavaka amin'ny maha-Elian'ny andro farany ankehitriny.

##### **A. Ny hafatra dia ho an'ny olon'Andriamanitra mpikomy mila famerenana amin'ny laoniny**

Midika izany fa ny matoanteny hebreo nadika hoe "tsarovy" dia voasoratra ao amin'ny heviny mandidy (and. 22a). Ilay teny dia maneho baiko mitaky eo noho eo hetsika fankatoavana ny Lalàn'Andriamanitra, ny lalàna izay nomena an'i Mosesy tao Horeba (*tendrombohitra Sinay*). Ny tsy fankatoavan'ny olona dia nanapaka ny fifandraisana teo amin'ny ray sy ny zanany ary teo amin'Andriamanitra sy ny olony. Ny firesahana momba ny lalàn'i Mosesy any amin'ny faran'ny Testamenta Taloha dia tsy manasongadina fotsiny ny fitohizany tamin'ny andron'i Malakia fa koa manantitrantitra fa ny fankatoavana ny lalàn'Andriamanitra dia mitana andraikitra lehibe amin'ny fanomanana azy ireo ho amin'ny andron'ny Tompo (*SDA Bible Commentary, Vol. 4, p. 1134*).

Ankehitriny toy ny tamin'izany fotoana izany, ny sasany amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia manao fahotana mitovy amin'izay nampisaraka ny olona, tamin'ny andron'i Malakia, tamin'Andriamanitra sy tamin'izy samy izy. Ao an-tokantranontsika, ny fiangonantsika ary ny sekolintsika, ny ankamaroantsika dia manala baraka an 'Andriamanitra amin'ny fanolorana fanati-poana sy fitazonana ny fisehoana ivelany ho mpivavaka. Ny pasitorantsika, ny mpampianatra, ny mpitantan'asa, ny loholona ary ny mambran'ny fiangonana dia mandefitra ny fahotana ary mandika ny faneken'ny Tompo (Mal 2: 10-16). Ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, ny Fivondronambe, ny Misiona/ Federasiona, ny sekolintsika, ny toeram-pitsaboana ary ireo sampan'asa Advantista hafa, misy mpivady sasany meloka noho ny tsy fahatokiana ary ny sasany kosa dia nisaraka tamin'ny vadin'izy ireo ara-dalàna. Ny sasany dia lasa nanatevin-daharana antokom-pivavahana diso noho ny antony samihafa (Mal 2: 10-16).

Noho ny fanao feno ota sy ny maro hafa, dia miatrika fifandraisana tapaka isika, haintany, tsy fahavanonam-bokatra, mosary, areti-mandringana toy ny COVID-19 sy VIH / SIDA, rivo-doza , ary fahantrana. Miasa mafy isika nefa toa mbola mahantra hatrany; mihinana isika nefa tsy voky mihitsy; mivavaka isika fa tsy mahazo izay zavatra ivavahantsika mihitsy. Fa nahoana? Satria nataontsika an-tsirambina ny Lalàn'Andriamanitra. Ny vahaolana dia ny *fahatsiarovana ny lalàn'i Mosesy*, ny fitadiavana famelan-keloka amin'Andriamanitra ary ny fanasitranana ny fontsika "fandrao avy Izy hamely ny tany amin'ny ozona/fandringanana", hoy ny Tompo (Mal 3: 6d).

### **B. Ny andron'ny Tompo dia hanameloka ny ratsy fanahy ary hanome rariny ny marina**

Manamafy izany ireto manaraka ireto: "... ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary ”(3:19) ; fa “. . . hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny Masoandron’ny fahamarinana, manana ny fanasitranana ao amin’ny tàmny ”(3:20). Ny amin'ireo olo-marina izay “mahatsiaro ny lalàn'i Mosesy”, hoy Andriamanitra, "dia ho rakitra soa ho Ahy ireny amin'ny andro izay hotendreko . . . ” (3:19), fa ny ratsy fanahy kosa "ho lavenona eo ambany faladian'ny marina" (3: 21).

Malakia dia tsy afaka nanasongadina bebe kokoa mihoatra noho izany ny amin'ny fomba hanavahan’ny Andron'ny Tompo ny ratsy fanahy sy ny marina. Ilay Andro dia tsy hanameloka fotsiny ny ratsy fanahy ary hanome rariny ny marina; hitondra *fisarahana madrakizay* koa izany. Ho levona tanteraka mandrakizay ny ratsy fanahy, "ka tsy hasiany miangana na ny fakany na ny sampany" (4: 19). Izany hafatra izany dia manasongadina fa halan’Andriamanitra ny faharatsiana. Izany dia antony manosika anao, ny zanakao ary izaho “hampody” ny fontsika amin'Andriamanitra ary "hiomana" ho amin'ny Fiaviany Fanindroany.

### **D. Manana iraka sy hafatra ho an'ny Fanabeazana Kristiana amin'izao andro izao Andriamanitra**

Ilay matoanteny hebreo nadika hoe "haniraka" (3: 23) dia manondro ny iraka nomena ny Ivotoerana Fanabeazana Advantista, raha toa kosa ny matoanteny "mampody" (and. 24) mamaritra ny hafatra tokony ampianarin'izy ireo ary ny teny hoe “dieny tsy mbola tonga” (and 23b) dia manondro fotoana. Raha tsorina, dia milaza ny lahatsoratra fa Andriamanitra dia

manana iraka ho an'ny Fanabeazana Advantista mba hampody ny fon'ny olona, indrindra ny tanorantsika, ho amin'Andriamanitra *dieny tsy mbola tonga* ny Andro Lehiben'i Jehovah.

Satria moa ity anio ity dia Sabatan'ny Fanabeazana Kristiana, dia inona no fiantraikan'ny hafatr'i Elia ho an'ny Fanabeazana Advantista? Misy maromaro izy ireo:

***1. Ny hafatra dia manamafy ny andraikitra ny Fanabeazana Advantista ho fanavotana sy fanavaozana***

Ny matoanteny "mampody" ny fo (3: 24) dia manondro ny anjara asa fanavotana sy fanovana ataon'ny Fanabeazana Advantista. Hatramin'ny niantombohany, ny tanjona fototra ny Fanabeazana Advantista dia ny "hamerina amin'ny olona ny endrik'Ilay nahary azy, hamerina azy ho amin'ny fahalavorariana izay nahariana azy. . ." (*Education. 15, 16*). Ny Fanabeazana Advantista dia mahatratra izany tanjona izany amin'ny alalan'ny fandaharam-pampianarana mifototra amin'ny Baiboly sy ny finoana ny filozofia kristiana izay mitarika ireo mpianatra ho amin'Andriamanitra Mpamorona izao rehetra izao; sy amin'Andriamanitra Mpamorona ny olombelona, lahy sy vavy, tahaka ny endriny (Gen 1: 26-27). Noho ny aingam-panahy avy amin'ny siansa sy ny filozofia, ireo sekoly tsy Advantista dia nanaiky filozofian'ny fanabeazana izay mametraka ny olombelona ho ivon'ny fanandramam-pianarana fa tsy Andriamanitra, filozofia izay mampiroborobo ny soatoavina tsy mifanaraka amin'ny Baiboly. Noho izany, ny fandaharam-pampianaran'izy ireo dia sady tsy mitondra fanavotana no tsy mitondra fanovana.

Ny anjara asa fanovana ataon'ny Fanabeazana Advantista dia mitondra fahasamihafana lehibe eo amin'ny fihetsika/fitondran-tena sy ny toetran'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fampivelarana, fampiroboroboana ny fanajana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy, ka amin'izany dia mamerina amin'ny laoniny ao amin'izy ireo ny endrik' Andriamanitra sy ny fifandraisana tapaka teo amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Ny asa fanavotana sy fanavaozana ataon'ny Fanabeazana Advantista dia voaporofa tamin'ny tantara ohatra, teo amin'ny Lehiben'ny Kamutumwa anankiray any amin'ny Village Sitoti any Barotseland Field, Misiona Zambia Andrefana ankehitriny, izay nandre ny amin'ny fiovan'ny tanora maditra sasantsasany nianatra tao amin'ny Sekoly Advantista anankiray tao amin'io saha io . Tsy nisotro labiera intsony izy ireo, tsy nifamely intsony, tsy kamo na midonanam-poana intsony,

lasa olona manaja ny ray aman-dreniny sy ny zokiolona. Noho izany, ity lehiben'ny foko ity dia nihevitra fa naleony kokoa ny misionera advantista toy izay ireo tsy advantista no hanorina sekoly ao amin'ny faritra misy azy dia ny Sekolin'ny Misiona Sitoti tamin'ny 1931 [Pasitora Gladstone, "Taratasy avy amin'ny Pasitora Gladstone Ishee Nyuwe " *The Church Officers' Gazette*, Oktobra 1930, lah. 10, 12]. Ity tantara ity sy tantara maro hafa mitovy amin' izany ao amin'ny Fivondronambe isan-karazany ao amin'ny SID dia tsy hoe manamafy fotsiny ny anjara asa fanavotana ataon'ny Fanabeazana Advantista fa koa mitaona antsika hatoky fa ny Fanabeazana Advantista dia avy amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

## ***2. Ny hafatra dia miangavy ny fianakaviana sy ny ray aman-dreny advantista mba hanohana ny Fanabeazana Kristiana amin'ny fandefasana ny zanany any amin'ny Sekoly Fanabeazana Advantista***

Ny Fanabeazana Advantista dia "mpitondra hafatra" nantsoin'Andriamanitra. Tamin'ny 1872, Ellen White tao amin'ny fahitana anankiray dia nanehoana ireo "tena fitsipiky ny fanabeazana." Araka izany, dia tonga ny Fanabeazana Advantista ary misy ankehitriny miaraka amin'ny tanjona hampita ny fahamarinan'ny Baiboly izay manomana ny ankizy sy olon-dehibe ho amin'ny Andron'ny Tompo amin'ny fanamorana ny fahazoana ny finoana mendrika, ny foto-kevitra, ny fahalalana, ny fahaiza-manao ary ny fahakingana izay hahafahan'izy ireo manompo an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy amim-pahatokiana, hiaina fiainana mahaso eo amin'ny fiaraha-monina ary hiarovana azy ireo amin'ny hery miasa mangina manimba izay hita any amin'ny sekoly tsy advantista [R.W. Shwartz, *Light Bearers to the Remnant*, p. 123-124).

Mampalahelo anefa fa maro ireo ray aman-dreny advantista ankehitriny izay, noho ny antony maro samihafa, mankasitraka kokoa ny mandefa ny zanany any amin'ny sekoly tsy advantista toy izay mandefa azy ireo any amin'ny sekoly advantista. Vokatry izany dia ankizy sy tanora maro avy amin'ny fianakaviana advantista no tsy mahita ny soatoavina kristiana ilaina mba hanomanana azy ireo hiaina ho amin'ny Andron'ny Tompo.

Androany ary no andro ilan'ireny ray aman-dreny ireny hisaintsainana am-bavaka sy ampahatsorana ity raharaha manan-danja ity. Mila mahatsapa sy miaiky izy ireo fa ny ankamaroan'ny ankizy sy ny tanora izay mianatra any amin'ny sekoly tsy advantista dia

miatrika sy mandray hery miasa mangina, raha tsy iharan'ny fanerena mihitsy aza, ny amin'ny fampiharana fomba fiaina izay mandika ny lalàn'Andriamanitra. Ampitandremana mazava ny ray aman-dreny manao hoe: *“Aoka ny zanatsika, amin'ny dingana indrindra handraisana fanabeazana, tsy handray na hahazo hevitra izay voaporofa fa voan'ny fahotana”* (Adventist Home, p. 413). Ny ray aman-dreny sy ny olona toy izany dia mila mahafantatra fa na manao ahoana na manao ahoana ny fomba fiheveran'ny olona sasany izay manohitra ny Fanabeazana Advantista, ny sekoly Advantista dia toerana azo antoka kokoa tamin'ny lasa ho an'ny ankizy sy ny tanora avy amin'ny tokantrano advantista na tsy advantista, ary mbola mitoetra ho izany ankehitriny. Manomboka izao àry, ny fandefasana ny ankizy any amin'ny sekoly advantista no zavatra mety tokony hatao.

***3. Ny hafatra dia mametraka fanamby amin'ny mpanabe advantista sy ny mpitantan' asa mba hihevitra ny tenany ho toy ny minisitra/pasitoran' Andriamanitra manatanteraka asa pastoraly eo amin'ny ankizy sy ny tanora any an-tsekoly***

Ny Testamenta Vaovao dia mamaritra ny fampianarana ho toy ny antso masina. Tsy manisy fanavahana izy eo amin'ny fampianarana sy ny asa fanompoana pastoraly (Rom12: 6-8; 1 Kor.12: 28; Efes. 4:11). Midika izany fa manana andraikitra roa sosona ny mpampianatra, ny mpitantan'asa ary ny mpiara-miasa amin'ny maha-mpampianatra ny fahamarinana sy mpiandry ny andian'ondrin'ny mpianatra. Mba hahombiazana amin'ity antso ity amin'ny maha-Elia ankehitriny, ny mpampianatra advantista dia entanina hanamboatra ny fomba fiainany, ny fomba fampianarana araka ny fomban'i Jesosy Ilay Mpampianatra lehibe indrindra tamin'ny fotoana rehetra. Fantatr'i Jesosy ny hoe *inona* no hampianarina, *ahoana no fomba* hampianarana, *rahoviana* no hampianatra ary *ahoana no fomba* hiainana ny zavatra nampianariny (Kenneth O. Gangel & Howard G. Hendricks, *The Christian Educator's Handbook*). Ny mpanabe kristiana dia fitaovana hitondra fanovana ho an'ireo tanora maditra ao amin'ny sekolintsika sy ny fiarahamonina misy antsika. Izy ireo dia mitondra fanantenana ao am-po eo amin'izay misy famoizam-po, fanasitranana eo amin'izay misy fahaketrana sy ratra, ary fiomanana ho amin'ny Andron'ny Tompo eo amin'izay misy fisalasalana. "Ny asa ny fanabeazana sy ny asan'ny fanavotana dia iray ihany”(Education, p. 12).



## **V. Fehiny**

Ny hafatr'i Elia dia miresaka fampihavanana amin'Andriamanitra sy amin'ny olona samy olona; miresaka famelan-keloka ho an'ny mpanota mibebaka ary manasa azy ireo hankato ny lalàn'Andriamanitra alohan'ny hihaviany hitsara izao tontolo izao. Izany no andraikitra tanterahin'ny Fanabeazana Advantista eo anivon'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina ankehitriny.

Moa ve mba faniriana ny hanome ho an'ny zanakao fotoana mety azo hararaotina hianarany hanompo an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy?

Tianao ve ny hahavonona ny zanakao ho amin'ny Andron'ny Tompo ary hiaraka aminao any amin'ny fanjakan'Andriamanitra?

Moa ve havelanao Andriamanitra hampiasa anao ho Eliany mba hampiroborobo sy hanohana ny Fanabeazana Advantista mba hahazoana mampody ny fon'ny zanaka sy ny tanora eo Aminy?

Raha izany no faniriana, afaka manangana ny tãnanao ankavanana ve ianao, azafady, na aiza na aiza misy anao fa hivavaka ho anao aho ?

Amena

---

*Loharano : Departemantan'ny Fanabeazana Diviziona faritra Atsimon'I Afrika*

*sy ny Ranomasimbe Indiana*